unicef
ho an'ny ankizy

TOMBANEZAKA MIKASIKA NY FANDRAISAN'ANJARAN'NY TANORA TAMIN'NY ALALAN'NY JUNIOR REPORTERS CLUB SY ONE MINUTES JUNIOR

©UNICEF/UN0484734/Ramasomanana

FAMPIDIRANA

6 tapitrisa eo ho eo ny tanora tohanan'ny UNICEF Madagasikara amin'ny alalan'ny hetsika mifototra amin'ny haino aman-jery, ny teknolojian'ny fampahalalam-baovao sy ny fifandraisana. Ny tanjon'izany dia mba hampiroboroboana ny fandraisan'anjaran'ny tanora sy ny fanehoan-kevitry ny ankizy, ka ny fandaharan'asa Junior Reporters Club (JRC) sy ny One Minutes Junior (OMJ) dia mifantoka indrindra amin'izany.

Ny fandaharan'asa Junior Reporters Club (JRC) izay notanterahina nanomboka ny taona 2007 dia manome fahafahana ny ankizy sy ny tanora haneho hevitra momban' ireo olana mahakasika azy ireo (ny fianaran'ny ankizy, ny fahasalamana ara-pananahana, ny fahazoana rano fisotro madio, ny zon'ny ankizy, ny Covid-19, sns.). Izany dia resahiny amin'ny alalan'ny fandaharana amin'ny onjam-peo, vokarin'izy ireo rehefa avy nandalo fiofanana.

Ny hetsika One Minutes Junior (OMJ), izay nampiharina nanomboka tamin'ny 2011 ary nitohy tamin'ny 2018, dia mampiofana ireo ankizy amin'ny famokarana horonan-tsary fohy izay hanehoan'izy ireo hevitra momban'ny lohahevitra mivelatra kokoa (fanantenana sy nofinofy, fanambin'ny tanora, fialam-boly, sns. .). Mandritry ny hetsika maneran-tany OneMinutesJr izay misy isan-taona no anehoana ireo horonan-tsary novokariny.

Hita fa ireo fandaharan'asa roa ireo dia sady mampiroborobo ny fandraisan'anjaran'ny tanora no manamafy ny fahaiza-manaon'izy ireo. Na izany aza, ilaina ny manombana ny fandraisan'anjaran'izy ireo mba hisintonana lesona sy hahafahana manitsy ny foto-kevitra. Ho hita ato ny tanjona sy ny fanontanian'ny tombanezaka, ny fomba nanatanterahana izany, ny vokatra fototra ary ny soso-kevitra mifandraika amin'izany.

©UNICEF/UN0484745/Ramasomanana

TANJON'NY TOMBANEZAKA SY FANONTANIANA MIFANDRAIKA AMIN'IZANY

Ny tanjona voalohan'ny tombanezaka dia handinihana ireo hetsika roa ireo amin'ny fomba marina tsy mitanila, rariny sy hahafahana hanatsarana azy. Ny vokatra azo dia raisina ho toro-dàlana amin'ny fanapahan-kevitra ho an'ny sampan-draharaha Communication pour le Développement, Media et Relations Extérieures ao amin'ny UNICEF sy ireo mpiara-miombon'antoka, ao anatin'ny fanohizana na tsia, sy ny fanatsarana ireo fandaharan'asa ireo.

Ao anatin'ny tanjona ihany koa ny fanombanana: (1) **ny paikady**, (2) **ny zava-bita**, ary (3) **ny fiantraikany amin'ny lohahevitra samihafa** nandritra ny taona 2016 ka hatramin'ny 2020. Ny famaliana ireto fanontaniana ireto no hanantanterahina izany :

- Mendrika hotohizana ve ireo hetsika roa ireo raha ny foto-keviny sy ny vokatra avy aminy ankehitriny?
- Moa ve ny foto-kevitra sy ny haben'ireo hetsika roa ireo dia mifanentana amin'ny vola lany, ny filàna sy ny mety ho vokatra tsara hoentin'izy ireo?
- Inona no fiantraikan'ireo hetsika ireo sy ny fampiharana ny fitoviana, ny miralenta ary ny zon'olombelona?

HAIPAIKA

- Ireo nandray anjara tamin'ny tombana dia ny: UNICEF Madagascar, ny mpandray anjaran'ny JRC sy ny OMJ, ny mpiara-miombon'antoka mpanatanteraka (Ministera sy sampan-draharaham-paritra), ireo onjam-peo mampiantrano ny JRC, ary ny mpampiofana ny tanora eny anivon'ireo onjam-peo ireo.
- Maro karazany ireo fomba fiasa nampiharina ary nandray anjara avokoa ireo sampan-draharaha mpiara miasa: fijerena ireo voka-panadihadiana teo aloha sy tahirin-kevitra samihafa, fanontaniana an-tsoratra, dinidinika sy fifanakalozan-kevitra tamin'ny alalan'ny fitaovana fifandraisan-davitra, fakan-kevitra tamin'ny alàlan'ny RapidPro, atrikasa.



IREO VOKA-DEHIBE

(1) Paikady	(2) Fahombiazana	(3) Lohahevitra samihafa
– Miovaova ny tanjona ary tsy misy ambaratongany nohon' ny tsy fahombiazan'ny fandaminana ifotony sy ny fanaraha-maso – Mivoatra ho fitaovana hentina mandresy lahatra ny fandraisan'anjaran'ny ankizy raha tanjona izany tamin'ny voalohany – Mivoatra ny fahaiza-manao ara-teknika sy ara-tsosialin'ny mpandray anjara – Tsy ampy ny fanehoana ny hamaroan'ny feo sy ny toerana ara-piaraha-monina	– Tsy ampy ny fiaraha-miasa eo amin'ny sampan-draharaha an'ny UNICEF mitantana ny tetikasa – Tsy voahaja ny rafitra fandrindrana napetraky ny UNICEF miaraka amin'ireo ministera mpiara-miombon'antoka – Mila hamafisina ny fiaraha-miasa eo anivon'ny JRC sy ny mpandray anjara hafa amin'ny fandaharan'asa mitovitovy aminy – Tsy mifandanja ny fandraisana anjaran'ny mpiara-miombon'antoka – Manakana ny fitantanam-bola sy ny fizarana fitaovana ny fomba fitantanan'ny Ministera iray – Afa-po ireo ankizy tamin'ny fahaiza-manao ara-tsosialy sy ara-teknika azon'izy ireo – Tsy misy ny tondro fanaraha-maso mazava handrefesana ny habetsaky ny mpihaino amin'ny fampielezam-peo – Vitsy ny mpihaino ho an'ny tantara fohy sy horonan-tsary. – Tsy dia hita loatra ny vokatry ny tetik'asa eo amin'ny fiaraha-monina sy ny politika mihoatra ny vokatra isam-batan'olona – Tsy hita ny vokatr'ireo tetik'asa amin'ny paikady ho an'ny tanora sy amin'ny politikam-pirenena mikasika ny tanora	– Nampiharina ireo foto-kevitry ny zon'olombelona, ny fitovian-jo, ny miralenta tao anatin'ny fanantanterahana ireo hetsika – Tsy ampy ny fampidirana ireo vondrona voahilikilika

FEHINY SY TOROMARIKA

– Manakana ny fitohizan'ny tetik'asa amin'ny endriny ankehitriny ny olana ara-poto-kevitra sy eo amin'ny fanaraha-maso ny fandaharan'asa.

– Tsy ampy ny lazan'ny hetsika nohon'ny tsy fahampian'ny fandaminana ifotony ary ny fiovana ara-tsosialy andrasana dia tsy voafaritra mazava. Ny fanaparitahana hafatra fanentanana dia tsy voatery hisy fiantraikany.

– Tsy misy ny tondro ahafahana mandrefy ny fiantraika. Ilaina ny fanamafisana ny fitovian-jo eo amin'ny fandraisana ny mpiasa, ny miralenta eo amin'ny mpandray anjara, ny hamaroan'ny feo, ary ny fampidirana ireo ankizy voahilikilika.

©UNICEF/UN0299715/Ralaivita

Fotokevitra, famolavolana	Habean'ny tetik'asa	Fiantraikany
– Mamerina mandalina ny tanjona sy ny tondro ny mpiaramiombon'antoka rehetra – Ampifandraisina ny fampandrosoana ny tsirairay sy ny fiaraha-monina amin'ny foto-kevitry ny fiovana – Ametrahana tondro SMART (voafaritra tsara, azo refesina, azo tratrarina, azo tanterahina, ary misy fe-potoana voafaritra) mifandraika amin'ireo fandaharanasa ireo	– Hamafisina ny fifandraisan'ny tetikasa amin'ireo fandaharan'asa hafa mitovitovy aminy – Jerena ny fiaraha-miasa amin'ny Sifaka sy ny Fondation Hirondelle	– Hadihadihana lalina kokoa ny momba ny fiantraikan'ireo fandaharanasa ireo; ary fantarina amin'izany ny manodidina ny fanentanana ara-tsosialy. – Arahana maso ny fifandanjana eo amin'ny zon'ny fandraisana anjaran'ny ankizy sy ny zony ho voaaro

Raha mila fanazavana fanampiny:
Fonds des Nations Unies pour l'Enfance
Maison Commune des Nations Unies, Zone Galaxy Andraharo
B.P. 732 Antananarivo - Tel: (261-20) 23 300 92 - Site web: www.unicef.org/madagascar